**TATITRA**

**FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY**

**DINGANA FAHA: 7-8**

**Firenena: Madagasikara**

**Koaminina: Ambatondrazaka**

**Daty: 10-11 Aprily 2012**

**Toerana: Commune Urbaine Ambatondrazaka**



Figure 1: Sarin'ireo mpandray anjara nandritry ny fiofanana stage 7-8 Commune  Ambatondrazaka

## FIZAHAN-TAKILA

**FANOLORANA** .......... **2**

**TANTARA** .......... **3**

**FIZOTRY NY ATRIKASA** .......... **4**

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA .......... 4

HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA .......... 4

MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY: .......... 4

NY FANDRAVONANA NY DISADISA: .......... 5

NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETRANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA: .......... 6

FANOMEZAN-DANJA NY ASA FIKARAKARANA MARARY: .......... 7

TOMBANA MOMBA NY DRAFITR'ASA MIRALENTA SY ADY AMIN'NY HERISETRA TEO ALOHA SY FAMPIDIRANA IREO FANDAHARAM-PIOFANANA VAOVAO AO ANATIN'NY DRAFITR'ASA: .......... 7

**TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA** .......... **9**

**TOVANA B – LISITRY NY MPANDRAY ANJARA** .......... **11**

**TOVANA D : DRAFITR'ASA AMBATODRAZAKA** .......... **13**

**E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIKASA** .......... **42**

## TOVANA

**TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA** .......... **9**

**TOVANA B – LISITRY NY MPANDRAY ANJARA** .......... **11**

**TOVANA D : DRAFITR'ASA ANTANAMITARANA** .......... **13**

**TOVANA E – FAMINTINANA NY TOMBAN'NY ATRIKASA** .......... **42**

**FANOLORANA**

Ny Talata 10 sy Alarobia 11 Aprily 2012, dia tafavory tao amin'ny kaominina Andrenivohitr'Ambatondrazaka ny tompon'andraikitry ny kaominina, ny mpanolotsaina, ny sefo fokontany, ny solontenan'ny fikambanana misy eo an-toerana, ny solotenan'ny ONG ary ny solotenan'ireo avy ao amin'ny centre d'écoute.

Ny anton'ny atrik'asa dia noho ny fampidirana fandaharam-piofanana vaovao toy ny miralenta sy ny fampandroana ara-toe-karena ifotony, fiovaovan'ny toetr'andro, fandravonana ady sy disadisa ary ny VIH/ SIDA.

Anisan'ny zava-dehibe natao tamin'io koa ny fanaovana tomban'ezaka tamin'ny drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra ary nahafahan'ny Kaominina nampiditra ireo zavatra hita fa mampadroso tamin'ny fandaharana vaovao izay efa voalaza tetsy ambony.

**TANTARA**

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary tamin'ity taona taona 2012 ity dia ny 23- 25 Aprily no anaovana izany.

**FIZOTRY NY ATRIKASA**

**Fampiasana sy fampiharana**

**Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra**

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

**Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena ifotony:**

**1-** Asa fampandrosoana ny toe-karena ataon'ny vehivavy
**2-** Olana tsy ahatanterahana izany
**3-** Soso-kevitra omen'ny kaominina

TARIKA I

| Asa atao | Olana | Soso-kevitra |
|---|---|---|
| - Varotra<br>- Asa tanana<br>- Fambolena<br>- Fiompiana<br>- Jono | - Toe-tsaina raki-tampisaka vavy & lahy<br>- Fomban-drazana<br>- Tsy fisian'ny enti-manana : fahaizana sy fahalalana<br>Fitaovana<br>Vola | - Fanentanana amin'ny fanovana toe-tsaina<br>- Fandresen-dahatra sy fandraisana andraikitra<br>- Fampiroboroboana ny sehatra ahafahan'ny vehivavy mivelatra : fikambanana, fiofanana, |

**Tatitra:**
TARIKA I
Olana: toe-tsaina raiki-tampisaka: inona ny maha izaho ahy lahy na vavy
Fiofanana efa nataon'ny kaominna: fanodinana ronono ho lasa ronono mandry mamy, fromazy, sns

TARIKA II

| | | |
|---|---|---|
| Asa birao: Tale, tale lefitra, mpitantana, mpitam-bola, dokotera...<br>Asa tanana : manjaitra, mandrafitra, manao volo, mamboly<br>Asa an-trano: mahandro, sasa lamba, mipasoka,...<br>Fiompiana | - Hasarotam-piaro<br>- Fomban-drazana<br>- Henatra ; tahotra<br>- Hakamoana<br>- Tsy ampy vola<br>- Tsy fandriam-pahalemana<br>- Tsy fahaizana | Manome andraikitra<br>- Fanentanana<br>- Fampidirana mpiasa vaovao vehivavy<br>- Fampahafantarana<br>- Fitadiavana lalam-barotra<br>- Fampiofanana mba hananan'ny olona traikefa<br>- Polisy communal na quartier mobile |

TARIKA III

| | | |
|---|---|---|
| - Asa tanana na tao-zavatra<br>- Fiompiana<br>- Fambolena<br>- Fanabeazana<br>- Asa birao | Fitondrana vohoka<br>Tsy fahampiana herim-batana<br>Tsy fahampian'ny fitaovana sy vola<br>Fotoana sy toerana | - Fandrindram-piterahana<br>- Miralenta<br>- Sponsors na partenariat<br>- Fandrindrana ny fotoana |

**Ny Fandravonana ny disadisa:**

Anisan'ireo olana mateti-pitranga sy saro-bahana eny anivon'ny kaomina ny resaka ady tany ka io no nentina nitarihana ny mpandray anjara mba hilazan'izy ireo ny tokony ataony raha misy io tranga io. Izany ihany koa no nentina nijerena ny fahalalan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny kaominina momba ny fandravonana ady sy disadisa.

Nanao izay azony natao ho famahana ny olana ireo tompon'andraikitra ary rehefa avy nandray anjara ny rehetra ny hita fa tokony jerena ny lalàna sy ny fiarahamonina rehefa misy fandravonana disadisa.

**Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra:**

1- Inona ny fahazoana ny fiovaovan'ny toetrandro
2- Ny fifandraisan'ny ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny miralenta
3- Ny fifandraisan'ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny fampandrosoana maharitra

Valiny avy amin'ny tsirairay:

| 1 | 2 | 3 |
|---|---|---|
| - Tsy mitombona ny fizaran-taona : mafana, mangatsiaka,sns<br>- tany mafana be ka maty ho azy ny zava-manan'aina<br>- zavatra ataon'ny olombelona toy ny fandorana tanety, fikapana ny hazo maniry, tsy fisian'ny orana<br>- vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana<br>- mihamaina ny tany<br>- fahasimban'ny tontolo iainana vokatry ny ataon'ny olombelona<br>- tokony hamboly hazo izay mitondra orana<br>- fahasimban'ny tontolo iainana<br>- fanimbana ny tontolo iainana<br>- minomino foana amin'ny finoana malagasy | - samy manao zavatra manimba ny tontolo iainana ny lahy sy ny vavy<br>- tokony hiara-hiasa ny lahy sy ny vavy ho fampandrosoana<br>- ny fiaraha-mientan'ny lahy sy ny vavy<br>- sahirana ny vavy sy ny lahy amin'ny fiompiana sy ny fambolena<br>- tompon'antoka amin'ny fiovan'ny toetr'andro ny lahy sy ny vavy : miralenta<br>- sakana ho amin'ny fanatanterahana ny fifanampian'ny lahy sy ny vavy (miralenta) ny fiovaovan'ny toetr'andro | - mihena ny vokatra, be loatra ny hafanana, ringana ireo biby<br>- manangana fikambanana ahafahana mamorona tetikasa vokatr'io fahasimban'ny tontolo iainana io<br>- miantraika amin'ny fiainana andavan'andro sy ny ara-toe-karena : mihena ny vokatra ; potika ny fambolena<br>- ny rehetra no miara-misalahy amin'ny fitandrovana ny tontolo iainana mba hisian'ny fampandrosoana maharitra<br>- manimba ny fambolena ny fiovaovan'ny toetr'andro<br>- Trà-pahasahiranana ny vahoaka<br>- simba ny foto-drafitr'asa |

Raha ny sehatr'asa azon'ny vehivavy andraisana anjara hita nandritra ny asa isam-baomiera dia hita fa ny fambolena sy ny fiompiana ary ny varotra no tena fidirambolan'ny vehivavy eo anivon'ny kaomina.

Ny ankamaroan'ny olona dia miaina amin'io sehatra io nefa misy ny sakana tsy hahafahan'ny vehivavy mandray anjara amin'izany, ka anisan'izany ireto manaraka ireto:

- Ny tsy fananana tsena manara-penitra
- Ny fahalafosan'ny masom-boly
- Ny fisian'ny aretina mahazo ny voly sy ny biby fiompy
- Ny tsy fandriam-pahalemana
- Ny famoahana ny vokatra
- Ny tsy fahampian'ny teknika ampiasaina
- Ny fanaovana fambolena nentim-paharazana
- Ny tsy fahampian'ny orana
- Ny tsy fahampian'ny fitaovana

Manoloana izany rehetra izany dia manana andraikitra betsaka ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo olana ireo. Nisy ny vahaolana naroson'ny kaominina tsirairay:

- Fanaovana tsena
- Fanatsarana ny lalana sy fiaraha-miasa amin'ny mpitatitra momba ny saran-dalana
- Fitadiavana mpampiofana momba ny fambolena sy fiompiana
- Fitadiavana fiaraha-miasa amin'ny dokotera mpitsabo biby
- Fananganana dina mba hiarovana amin'ny halatra

**Fanomezan-danja ny asa fikarakarana marary:**

Efa miara-miasa akaiky ny kaominina andrenivohitr'Ambatodrazaka momba ny ady amin'ny VIH/SIDA, efa maro ny fanentanana natao, ary hita fa mitombo ny isan'ireo olona tonga manao fitiliana.

**Tombana momba ny drafitr'asa miralenta sy ady amin'ny herisetra teo aloha sy fampidirana ireo fandaharam-piofanana vaovao ao anatin'ny drafitr'asa:**

Efa nanana drafitr'asa ny kaominina hatramin'ny taona 2010, efa betsaka ny ezaka vita toy ny fanamboarana toerana fanasan-damba, fametrana jiro amin'ny toerana tsy azo antoka, fanamboarana tsena, fitsanganan'ny centre d'écoute, fandraisana mpiasa vavy eo anivon'ny

kaominina. Ary taorian'io fanaovana tombana io, niarahana nandrafitra indray ny paik'ady momba ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andro, miralenta sy ny fampandrosoana maharitra, ary ny fandravonana disadisa.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

**ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**

**Firenena: Madagasikara**

**Kaominina: Ambatondrazaka**

**Daty: 10-11 Aprily 2012**

| Ora | Daty | Iza(Tompon'andra ikitra) |
|---|---|---|
| | **10 Aprily 2012** | |
| 08h-8h 30 | Fandraisana | GL |
| 8h 30h- 10h | Falazana ny vokatra ny fifaninanana Nationaly | GL |
| 10h- 10h 30 | Loh 1: Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena eny ifotony | GL |
| 10h 15- 10h 30 | **Pause café** | |
| | | |
| 10h 30 - 12h30 | Asa isam-baomiera | Ny mpiofana |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-15h -15h | Tatitra | GL |
| 15h-15h30h | Loh 2 : Fandravonana ady sy ny disadisa | GL |
| 15h30-16h | Asa isam-baomiera | Ny mpiofana |
| **16h- 16h 15** | **Pause café** | |
| 16h 15- 17h | Tatitra | GL |
| | **11 Aprily 2012** | |
| 8h30-9h | Loh 3: Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andra ary ny fampandrosoana maharitra | GL |
| 9h – 9h 30 | Asa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 9h30 -10h 15 | Tatitra | |
| 10h15 – 10h 30 | Pause café | |
| 10h 30- 11h | Loh 4: Fanomezan-danja ny fikarakarana marary | Ny rehetra |
| 11h- 11h 30 | Atrik'asa isam-baomiera | |

| | | |
|---|---|---|
| 11h 30- 12h | Tatitra | |
| 12h – 12h 30 | Tombana momba ny drafitr'asa sy fampidirana ireo asa tokony ho ataon'ny kaominina izay vohadinika nandritry ny fiofanana | Ny mpiofana |
| 12h 30- 14h | **Sakafo** | |
| 14h30- 16h | Asa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 16h15 – 16h 30 | **Pause café** | |
| 16h30- 17h | Asa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 17h- 17h15 | Famintinana sy tombana | Ny rehetra |

**TOVANA B – Lisitry ny mpandray anjara**

**Firenena: Madagasikara**

**Kaominina: Antanamitarana**

**Toerana: Ambatondrazaka**

**Daty: 10-11 Aprily 2012**

**FICHE DE PRESENCE**

| N° | Anarana & Fanampiny | SEXE | Toerana hiandreketana | Andraikitra | TEL | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | RAVOLARINORO Marguerite | F | Fokontany | Chef Fokontany | 0342963296 | margueriteravolarinoro@yahoo.fr |
| 2 | ANDRIAMIARISOA Roger | M | Fokontany | Chef secteur | 034 80 543 57 | Andriamiarisoa.roger@yahoo.fr |
| 3 | RAKOTOVOARIMANANA Zandrison-Né | M | Kaominina | Ex- S.G | 033 08 061 23 | rzandrisonn@yahoo.fr |
| 4 | RAKOTO Albert Jacky | M | CECJ Ambatondrazaka | Intervenant sociaux | 034 85 998 66 | albertjackyrakoto@yahoo.fr |
| 5 | RAFANOMEZANTSOA Falimanana | F | CECJ | Intervenant sociaux | 034 97481 70 | frafanomezantsoa@ymail.com |
| 6 | RAKOTOMALALA Florine | F | CECJ | Parajuriste | 034 13 718 01 | razanamalalaflorine@yahoo.dfr |
| 7 | RASOARILALAO Rolentine | F | Kaominina | Mpanolotsaina | 034 18 348 08 | rasoamilalaorolentine@yahoo.fr |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | RASOAMOELISON Linah | F | | Mpivarotra | 034 70 589 68 | limahrasamoelison@yahoo.fr |
| 9 | RAKOTOMALALA Mbolatiana | M | CECJ | Parajuriste | 034 70 164 20 | mond-be@yahoo.fr |
| 10 | RASETANIRINA Rakotorahalahy Alfa | M | Kaominina | Mpanolotsaina | 034 31 349 90 | alfarasetanirina@yahoo.fr |
| 11 | RATOVOSON Tahiana Juliana | F | CECJ | Parajuriste | 034 38 108 30 | ratovosonjuliana@yahoo.fr |
| 12 | RAFIDIMANANA Loui Felicité | M | Kaominina | Secrétaire Général | 033 14 559 40 | |
| 13 | RASOAMIHANTA Nivo | F | Fampianarana | Mpampianatra | 034 36 943 57 | nivorasoamihanta@yahoo.fr |
| 14 | RASOAMANIRY | F | Kaominina | Mpanolotsaina | 033 14 960 41 | rasoamaniry@gmail.com |
| 15 | RANDRIHARIMANJANIAINA Aimé Christian | M | Kaominina | Hetra | 034 15 355 22 | christianrandriaharimanja@yahoo.fr |
| 16 | RAJOHARISON Alexis | M | Kaominina | Comptable | 034 37 301 22 | rajoalex@yahoo.fr |
| 17 | RANDRIAMAROMANANA Jimmy Arthur | M | Kaominina | Comptable | 034 64 860 45 | jimmyarthur@yahoo.fr |
| 18 | ANDRIAMALALA Deraniaina Holisoa | F | Kaominina | Fananantany (BIF) | | diarahoby@yahoo.fr |
| 19 | RANDRIAKOTO Falihery | M | Kaominina | Chef Service Personnel | 034 15 356 04 | |
| 20 | ANDRIAMIHAJA Patrick | M | Kaominina | Mpanolotsaina | 034 03 335 57 | |
| 21 | RAZANADRATEFA Zotonantenaina | M | GL | Field Assistant | 034 43 087 78 | madagascarinter@genderlinks.org.za |

**Stat :**

| | | |
|---|---|---|
| **Lahy** | 12 | 57 % |
| **Vavy** | 9 | 43 % |
| **TOTAL** | **21** | **100%** |

## Tovana D : Drafitr'asa Ambatodrazaka

**DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra*** *– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fahafantaran'ny kaominina | - Fanentanana ireo mpiasan'ny | CU | Efa 40 % ny mpiasan'ny kaominina no mahafantatra io | 100% ny mpiasan'ny kaominina no mahafantatra | Mai 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| ny momban'ireo fanekena izay nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Fifanarahana ny Faritra Atsimon 'i Afrika momba ny miralenta sy fampandrosoana. | kaominina ireo fifanarahana ireo | | fifanarahana io. | an'io fifanarahana io. | | |
| Ny Politika mifototra amin' ny miralenta dia vaindohan draharahan 'ny kaominina ary misy olona singanina ho loha laharana amin'izany. | Fanomezana fiofanana an'ireo mpanolontsaina fototra momba ny miralenta mba ho azo antoka fa ireo tompon' andrakitra mahefa no ho loha laharana momba ny miralenta.<br>. | Kaomini na | 6/11 ny mpanolotsaina no efa nanaraka fiofanana niaraka tamin'ny GL | 11/11 no voahofana | Avril 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| **I. FITANTANANA** | | | | | | |
| **Representation** | | | | | | |
| Fampitomboana ny isan'ny vehivavy mpanolotsaina amin'ny fifidianana amin'ny fifidianana manaraka ary fanaovana hetsika fampahafantarana. | Fanekena ampahibemaso ny amin'ny hampisy ny fitoviana eo amin'ny vehivavy sy lehilahy mpanolotsaina amin'ny 2013 raha ela indrindra. | C U | 20% ny vehivavy mandray anjara | Fiakarana 50% | Amin'ny fifidianana manaraka | |
| Fampitomboana ny tahan'ny mpanolotsaina vehivavy ao amin'ny komity ny CU | Fanentanana ny antoko politika sy ny komitim-piraisana ny amin'ny tokony hanohanana ny mpilatsaka hofidina vehivavy eo anivon'ny | C U | 2O% ny vehivavy mandray anjara | Fiakarana 5O% | Amin'ny fifidianana manaraka | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | fari-piadidian'ny CU | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mitovy isa amin'ny lehilahy ny vehivavy izay misahana andraikitra fitarihana ao amin'ny kaominina. | Fandraisan'ny kaominina andraikitra ny amin'ny fampitoviana ny isan'ny vehivavy sy ny lehilahy misahana andraikitra fitarihana | C U | | | | |
| **Fandraisan anjara** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fandraisan'ny vehivavy anjara satria mazàna dia ataon'ny raharahan'antoko politika antsisim-bala ny olana ifantohan'izy ireo. | Fananganana vondrom-behivavy manana tombontsoa iombonana avy amina antoko politika samihafa. (Jereo ny mikasika ny Rafi-pitantanana ny | C U | Efa mihoatra ny 20 ny fikam-banam-behivavy misy eto amin'ny CU. Ary mihoatra ny 10 ny fikambanam-behivavy ao anatin'ny antoko politika | Fifondronan'ny sy fiaraha-miasa miaraka ny fikambanana misy rehetra | 2011 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | miralenta) | | | | | |
| **Fandraisana anjaran'ny vahoaka** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa ny vavy sy ny lahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony. | Famoahana antontan'isa | CU, ONG, Population, Stat | Efa voasokajy lahy sy vavy ny isan'ny mponina ao amin'ny kaominina | Fahazoana tombotsoa mitovy noho ny fananana antotan'isa voasokajy lahy sy vavy. | Dec 2012 | |
| | Famporisihana ny lehilahy andray anjara amin'ny fivoriambem-pokonolona sy momba ny raharaha izay heverina ara-paharazana fa natokana ho an n'ny vehivavy ihany. | CU, Chef fokontany | Ny vehivavy ny tena mpamonjy fivorianam-pokonolona | 60% ny olona tonga mivory dia lehilahy. | 2012 | |
| **II. LAMIN'ASA** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa ny lamin 'asa norafetina sy ny fanomezana ny | Fahazoana antoka fa ny lamin'asa novinavinaina momba ny miralenta sy | CU, Mpanolotsaina | Ny foto-drafitr'asa izany nataon'ny kaominina nadritry ny ny taona 2011 dia ny vehivavy | Fampitomboana hatrany ny tombotsoa ho an'ny lahy sy vavy. | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fikarakarana dia mizotra tokoa eo anivony kaominina ary koa nisy fakana ny hevitry ny vehivavy tamin'ny antanan-tohatra nandrafetana ny politikan'ny kominina. | ny fanomezana ny fikarakarana dia mizotra tokoa eo anivon'ny kominina. | | no tena nahazo tombony | | | |
| | Fanangonana ny mikasika ny zava misy avy amin'ireo vehivavy momba ny sakana , ny filana, ny irika sy ny famporisihana azy ireo ary ny fakana ny heviny eo amin'ny fandrafetana ny lamin 'asa sy ny politika-na miralenta. | CU, Fokontany | Efa nisy fanontaniana ny hevitrin'ny lahy sy vavy mialoha ny fanam-boarana foto-drafitr'asa. | Fahafam-po amin'ny zava-bita rehetra | 2013 | |
| **III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY** | | | | | | |
| **Vonjy taitra** | | | | | | |
| Fanomezana fahalalana sy | Fanatanterahana | CU | Efa nisy fanofanana t@ | Fihenan'ny haitrano | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fampahafantarana ny vehivavy, indrindra indrindra ireo vehivavy mpitantana tokantrano mipetraka amina trano tsy manara-penitra izay mety ho iharan'ny hay trano mety hamotika ny tranony sy ny antom-pivelomany. | fandaharanasa fampahafantarana mikasika ny fisorohana ny hay trano, natao ho an'ny lahy sy vavy. | | fokontany 9 momba ny fisoroana sy fiatrehana raha misy loza | vokatrin'ny tsy fitandraman'ny vahoaka | | |
| **Toe karena sy famoronana asa** | | | | | | |
| Fanaovana izay hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahana mahazo asa satria betsaka lavitra ny vehivavy tsy an'asa raha hoarina amin'ny lehilahy | Fanofanana ny vehivavy hanodina ronono | CU, pop | Efa nisy io fanofanana io | Fizakan-tenan'ireo vehivavy ( 25) nahazo fiofanana | 2012 | |
| | Fananganana koperativa (9)Taxi moto | CU | Efa ara-panjakana ny fampiasana ny taxi moto | Tokan-trano 300 mahazo tombon-tsoa | 2012 | |
| **Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy (Soumission et contraction d'appels d'offres)** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fahazoana antoka ny amin’ny hananan’ny vehivavy tombontsoa mitovy eo amin’ny fomba fanolorana sy fahazoana tolo-bidy izay vitsy hatramin’izay. | Fanentanana ny vehivavy mba hiditra amin’io sehatra io. | CU | 30% ny orin’asa mpandraharaha no tantanan’ny vehivavy | 40% ny orin’asa mpandraharaha misy eto an-toerana dia tantanan’ny vehivavy | 2013 | |
| **Famongorana ny fahantrana** | | | | | | |
| Famolavolana paikady mitsimbina ny miralenta mba hiatrehana ny fahantrana efa lalim-paka izay mahazo ny vehivavy, indrindra indrindra ny tokantrano | Fanentanana ny fikambanam-behivavy hamboly ananambo | CU, Pop | Efa nisy ONG nahazo tombony tamin’ny fambolena ananambo | 10% ny fikambanam-behivavy misy no mahazo tombony amin’io | 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| tantanim-behivavy | | | | | | |
| Fanatsarana ny sehatry ny fambolena | Famporisihana ny vahoaka hamboly ( Vary, legume , voa-maina) | Kaomina , Fikambanana | - Tsy manana anjara lova (tany ) ny vehivavy ka sahirana amin'ny toerana hambolena).<br>- Tsy fahampian'ny fahaizamanao<br>-Noho ny tsy fanana entimanana | - Voahaja ny lalànan'ny fandovana<br>- Ampy traik'efa ny mpamboly<br>- Fananana famatsiam-bola | | |
| Fahafahan'ny vahoaka miompy ankalalahana, sy manaraka ny toetr'andro | Fitandrovana ny fandriam-pahalemana | CU | Marefo ny fandriam-pahalemana | Fihenan'ny asan-dahalo | 2013 | |
| | Fitadiavana lalam-barotra. | CU | Betsaka ny vokatra fa ambany ny vidiny noho ny lalana. | Fahavitan'ny lalana | 2014 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fanatsarana ny sehatry ny varotra | Fanofanana ny vehivavy mba ho lasa matianina amin'ny fivarotana | CU | Sarotra ny fazahoan-dalana handeha hivarotra | Mitombo ireo vehivahy mahazo alalana hivarotra | 2013 | |
| Fijerena manokana ny sehatry ny asa tanana | Fananganana toby fiofanana | CU, Minister | Betsaka ny tsy mahay, Hakamona, lavitra ny toerana hakana akora, tsy fahampian'ny fitaovana | Mitombo ny tahan'ny olona mivelona amin'ny tao-javatra | 2013 | |
| Fanatsarana ny sehatry ny jono | Fanentanana ny olona mba hanaradalana ny fotoana tokony tsy azo anjoana, Fanentanana ny mpanjono mba hampiasa ny fitaovana manara-penitra | CU | Betsaka ny olona tsy manara-dalana ny fotona tokony tsy hanjonoana, Ary maro koa ireo mpanjono mampiasa fitaovana tsy manara-penitra | Mitombo ny fanaran-dalana | 2012 | |
| **Fanohanana ny asa fandraharahana** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fampiroboroboana ny fandraisan'ny vehivavy anjara eo amin'ny sehatry ny fandraharahana izay tsy ahitana afa-tsy vehivavy vitsy dia vitsy | Fampifandraisana ny asa fandraharahana madinika sahanin'ny vehivavy amin'ny fahafahana mampiditra ireny asa ireny ho isan'ireo sehatr'asa mampandroso ny toe-karena | CU Mpandraharaha | Efa betsaka ny vehivavy no lasa mpivarotra | Fitomboan'ny vehivavy mitantana ( cyber, fivarotana finday) | 2012 | |
| **Sehatr'asa tsy manara-penitra** | | | | | | |
| Fampiroboroboana ny fitoviana eo amin'ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra | Fampifandraisana ny vehivavy amin'ny sehatr'asa mampandroso ny toe-karena | CU | Efa betsaka ny efa ara-dalana | Fitombohan'ny sehatra manara-penitra | 2012 | |
| **INFRASTRUCTURE** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Toeram-ponenana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hisian'ny fitovian'ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy mahazo toeram-ponenana | Fanamarinana ny momba ny toeram-ponenan'ny lahy sy ny an'ny vavy; fametrahana tanjona ho an'ny fitsinjarana tsy mitanila; fijerena akaiky ireo tanjona ireo amin'ny alalan'ny fampiasana ireo iavahan'ny vehivavy sy ny lehilahy | kaominina | *Efa nivarotra trano 13 ny kaominina ( 10 tamin'ireo trano ireo dia vehivavy no nahazo azy)* | *Fananganana cite vaovao* | 2015 | |
| **Rano sy fahadiovana ary herin'aratra** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mahazo izay fikarakarana fototra sahaza eo amin'ny raharaha izay tadiaviny ka mifanandrify amin'ny toe bolany ireo vehivavy izay | Fanamboarana Fatsakana sy Fanasan-damba | CU | Fatsakana 52 sy Fanasan-damba4 fa efa vita ( 1ar ny litre) | Fitomboan'ny fatsakana, fanasan-damba | 2012 | |
| | Fidiovana (Douche & WC) | C U | Fidiovana: 5O sy 1OO Ar | Fitomboan'ny WC sy douche | 2013 | |
| | Fahazoana antoka fa | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| iharan'ny fikarakarana tsy tomombana | natonina mialoha ny vehivavy izay vao notolorana fikarakarana. | | | | | |
| | Fanisiana fanovana eo amin'ny fikarakarana mba hifanandrifian'izany amin'ny filan'ny vehivavy | C U | Fokontany sivy (9) | Douche-WC: 6 | 2012 | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hahafahan'ny vehivavy mampiasa herinaratra mifanaraka amin'ny fahafaha-mividiny satria izy ireo no tena mijaly noho ny tsy fahafahana mampiasa | Fanomezana herinaratra mifanaraka amin'ny fahafaha-mividin'ny tokantrano sahirana. | CU | Fampitomboana ny isan'ny tokantrano tantanim- behivavy ka mampiasa herinaratra. | Fitaran'ny foto-drafitr'asa mitondra herinaratra | 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDR AIKITR A | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| herinaratra | | | | | | |
| **TONTOLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA** | | | | | | |
| Fampandraisana andraikitra ny vehivavy eo amin'ireo tetik'asa fiarovana ny tontolo iainana na koa ny firotsahana amin'ny fanaovana asa fandraharahana mifototra amin'ny tontolo iainana. | Fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny fitantanana sy ny fanariana ny fako ary amina tetikasa fanodinana fako sy fitandroana ny rano. | CU | Misy Tetik'asa | Fahadiovan'ny Tanana | 2013 | |
| Fakana ny hevitry ny vehivavy mikasika ny fomba azo amahana ny olana mikasika'ny fanalana fako satria izy ireo no voalohany | Fakana ny hevitry ny vehivavy amin'ny fikarohana vahaolana samihafa mikasika ny fanalana ny fako: | CU | Fokontany Sivy | 5O% ny vehivavy mpivory | 2013 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| voakasik'izany fanalana fako izany | | | | | | |
| **Fahasalamana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fahafahan'ny vehivavy mandeha any amin'ny toeram-pitsaboana ary mahazo fitsaboana madinidinika mora foana | Fananganana ivotoerana fikarakarana ny fahasalaman'ny vehivavy ka anisan'izany ny sampana fikarakarana fanabeazana aizana, ny toby fandraisana ny olona voan'ny SIDA, ny toby fitsaboana ny olona efa marary mafy, ny toeram-pitsaboana fakana torohevitra sy | C U | Fokontany Roa (2) manerana ny Fokontany sivy (9) + Pcimec 9 ao anatin'ny fokontany 9 | Fito (7)no ivotoerana mbola tokony hatsangana? | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | manome fitsaboana madinidinika. | | | | | |
| Fiatrehana ny olana ara-pahasalamana ateraky ny toerana misy ny zaza amam-behivavy izay maro an'isa amin'ireo fadiranovana ary mora andairan' aretina noho ny sakafony tsizarizary. | Fampiharana fandaharanasa momba ny fiahiana ara-tsakafo sy fananjarian-tsakafo | C U | *O N N (lambosaibo) – Santé nette – UNICEF*<br>*40% zaza tsy ampy sakafo* | *kendrena ho19% ny fihenana isan'ny zaza tratry ny tsy fanjarian-tsakafo. Ho refesina @ Taux d'Insuffisance Pondérale*<br>*kendrena hihena 2% ny isan'ny ankizy mitsindroka fako* | 2012 | |
| | | | | | | |
| **NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA** | | | | | | |
| **Fisorohana** | | | | | | |
| Famaritana mazava tsara ny fihanaky ny VIH/SIDA eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy eo anivon'ny kaominina. | Fanangonana tahirin-kevitra manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny aretina VIH/SIDA eo | CU | *6O% ny Vehivavy ary 4O% ny Lehilahy no nanao fitilina* | *Fitomboana ny tahan'ny olona manao fitiliana* | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | anivon'ny kaominina; fanomezan-danja ny miralenta ao amin'ny fandaharanasam-pirenena, na fandaharanasam-paritra ary ny ny fandaharanasa ifotony mikasika ny VIH/SIDA CU Santé ONG | | | | | |
| | Fampianarana an-tsekoly manodidina ny taovam-pananahana izay manome lanja ny miralenta | sekoly | S V T no taranja entina ampianarana izany ENY :manome lanja ny miralenta izany. | Fahafantaran'ny mpianatra lahy sy vavy momba ny taovam-pananahana sy ny miralenta | Mandava-taona | |
| **Fitsaboana** | | | | | | |
| Fijerena akaiky ny zava- | Fanangonana | CU | *8O% ny mpanentana dia* | Fananana tahirin-kevitra | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| misy izay mazàna mametraka ny vehivavy ho farany amin'ireo mahazo fitsabona maimaimpoana raha misy izany. | antontan'isa manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy eo amin'ny fahazoana fitsaboana sy fikarakarana; fandraisana fepetra hanitsiana izany | Sante | *vehivavy ary 2O% ny lehilahy* | mazava tsara ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH SIDA | | |
| **Fanatan-jahatena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)** | | | | | | |
| Fanampiana ny vehivavy ho afaka hampiasa bebe kokoa ny fotodrafitrasa natao iraisan'ny vondrom-piara-monina sy ny fotodrafitrasa ho an'ny fanatanjahan-tena izay hita fa nampifandrifiana bebe kokoa tamin'ny filan'ny lehilahy eo amin'ny lafiny fanatanjahan-tena sy | Fampiroboroboana ny fanatanjahantena eo anivon'ny vehivavy. Fananganana fikambanana ara-panatanjahantena ho an'ny vehivavy | CU | *Basket-Ball Club MAMAN sy Basket Vehivavy Inter-Scolaire sy Inter-Fokontany Foot-Ball Féminine Inter-FOKONTANY* | 45% vehivavy na handray anjara @ fanatanjahatena | 2012 | |
| | Fanorenana fotodrafitrasa misimisy kokoa ary | CU | Terrain Mixte | Terrain Mixte sy terrain synthétique | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fialam-boly hatrizay(baolina kitra sy baolina lavalava) | fampidirana fotodrafitrasa ho an'ny vehivavy ao amin'ny drafitra misy. | | | | | |
| **IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO** | | | | | | |
| Fampitombona ny isan'ny vehivavy ampiasaina ao amin ny commune | Fiatrehana ny fitanilana misy eo @ vehivavy sy lehilahy | CU | *Vehivavy 22 Lahy: 41 ( Miasan'ny kaominina)* | *Fitomboan'ny isan'ny vehivavy hiasa ao amin'ny kaominina* | Rehefa misy ny fandraisana mpiasa vaovao | |
| **Fifantenana sy fandraisana mpiasa** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mitovy ny mety hahazoan'ny vehivavy sy ny lehilahy ny asa eo amin'ny dingana rehetra amin'ny fifantenana sy ny fandraisana mpiasa | Famolavolana drafitra mahafehy ny lafin-javatra rehetra mikasika ny miralenta eo amin'ny sehatry ny asa | Kaominina | -VMLF<br>- vehivavy mpiara mivavaka | Fitsanganana syndicat | 2012 | Efa misy |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| **Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fanomezana fahalalana sy fiofanana mitovy ho an'ny mpiasa lahy sy ny mpiasa vavy ao amin'ny kaominina | Fanamarinana sy fanombanana ny fahaiza-manaon' ny mpiasa rehetra ao amin'ny kaominina. | CU | Fanofanana: - Fananan-tany mitovy Fitantanam-bolam-panjakana Etat Civil – Prévention et gestion des risques – Fanatsarana ny fitantanana tanàn-dehibe | Fitovian'ny fahalalana sy ny tombotsoa | 2012 | |
| **Tontolon'ny asa** | | | | | | |
| Fanamorana ny fandraisan'anjara mitovy ho an'ny vehivavy eny amin'ny toeram-piasana | Famatsiana fotodrafitrasa ilaina amin'ny fikarakarana ny zaza ho an'ny | CU | Mbola tsy manana toerana hikarakarana ny zaza ao anatin'ny kaominina | Fananana io toerana io ao anatin'ny toeram-piasana ao anatin'ny kaominina | 2013 | |

| **TANJONA FOTOTRA** | **ASA ATAO** | **TOMPO NANDRAIKITRA** | **FOTOTRA IAINGANA** | **TONDRO MILAZA NY VOKATRA** | **FE-POTOANA** | **TETI-BOLA** |
|---|---|---|---|---|---|---|
| amin'ny alalan'ny fanampiana ny vehivavy manan-janaka satria ny fikarakarana ny zanaka no andraikitra voalohany tsy maintsy sahanin'ny vehivavy ary mbola sahaniny na miasa aza izy. | mpiasan'ny kaominina. | | | | | |
| **V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| **Rafitry ny miralenta** | | | | | | |
| Fampidirina ny miralenta anaty drafitra fampandrosoana. Fahazoana antoka ny amin'ny hahatafidiran'ny miralenta ao amin'ny | Fananganan Komity Miralenta isaky ny fokontany | CU | Mbola tsy misy io komity io | -Tafatsangan ny Komity Miralenta eny anivon'ny fokontany | 2013 | |
| | Fametrahana olona iray tomponandraikitra | Ny mpiofana | Mbola tsy misy ny tomponandraikitra manokana momba ny miralenta teo | Tomponandraikitra: RASOAMANIRY Tel: 033 14 960 41 | 11 Avril 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| rafitra sy politika ary dingana fanatanterahana asa rehetra ao amin'ny kaominina. | manokana momba ny miralenta | | aloha | | | |
| **Tetibola, fanaraha-maso sy tombana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hanokanana enti-manana ho an'izay asa laharam-pahamehana hametrahana ny miralenta | Fanatanterahana fanadihadiana ijerena ny miralenta eo amin'ny teti-bolan'ny kaominina | 2012 | | Eo am-pandinihina | | |
| | Famporisihana ny famatsiana enti-manana ho an'ireo santatr'asa hampoborobo ny miralenta: | 2012 | | Tsy mbola misy | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Construction d'un Centre de sensibilisation | | | | | |
| **Fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa misy fiofanana hatao mba ho fampahafantarana ny mpiasa rehetra sy ny vondrom-piara-monina rehatra momba ny miralenta. | Fanamorana ny fiofanana momba ny fahaiza-manao ho an'ireo olona ao amin'ny rafitra fametrahana ny miralenta. | C U Gender Links | Stage GENDER LINKS | Efatra (4) ny fiofanana kendrena hatao. DIMY (5) amin'ny Fokontany Sivy (9) | 2012 | |
| | Fiarahana miasa akaiky amin'ireo olona mpanome fiofanana eo amin'ny fanomezana fandaharanasam- | C U ONG | *Toy ny etsy ambony* | *Toy ny etsy ambony* | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | piofanana. | | | | | |
| | Fianomezana fandaharam-piofanana ho an'ny mpanolontsaina sy ny mpiasa ambony ary ny solotenan'ny vondrom-piara-monina samihafa. | | *Toy ny tetsy ambony* | *Mpanolotsaina: 1OO%* *Vondrom-piaraha-monina:6* | 2012 | |
| | Fanombanana ny vokatra avy amin'ny fiofanana. | C U | *Toy ny tetsy ambony* | *Mpanolotsaina: 1OO%* *Vondrom-piaraha-monina:6* | 2012 | |
| **TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGORANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY** | | | | | | |
| **Fanohanana sy fanampiana** | | | | | | |
| Fanohanana ireo niharan'ny herisetra | Fananganana Centre d'acceuil | CU | Mbola tsy misy io centre d'accueil io | -Fitsanganan'ny centre d'accueil | 2013 | |
| | Fitadiavana mpiara-miombon'antoka | CU Pop | Vondron'olona marefo ireo niharan'ny herisetra | Fananana mpiara-miombon'antoka hafa | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | (mpitatitra, famatsiana sakafo, fanafody, fitaovana iasana) | UNICEF Fitsarana Fahasalamana Fampianarana polisy zandary distrika fokontany | | | | |
| Fampiroboroboana ny asa | Fanofanana sy fampitaovana ireo sampana miady amin'ny herisetra | CU Pop, GL | Mivoatra ny paik'ady iadiana amin'ny herisetra | Fisian'ny fanofanana isakin'ny telovolana | 2012 | |
| **Fandrindrana** | | | | | | |
| Fanaovana izay fomba | Fametrahana rafitra | CU | Tsy fananana ny plateforme | Fitsanganan'ny Plateforme | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| rehetra hahazoana toky fa ny ezaka hiadiana amin'ny Herisetra dia niaraha-niasa avokoa | iarahan'ny sehatra maromaro miara-miasa amin'ny ady amin'ny herisetra. | CECJ Tambazotra Pop | | | | |
| ***Momba ny vola omena hiasana*** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa ny kaominina manana vola ho entina miady amin'ny herisetra. | Fandresen-dahatra ny Birao mpanatanteraka mba hamoaka ilay teti-bola natokana ho amin'izany | CU Mpanolotsaina | Efa tafiditra tao anatin'ny tetibola 2011 fa tsy nivoaka ny vola. | Fivoahan'io vola natokana amin'ny ady amin'ny herisetra | 2012 | 3 Millions Ariary |
| ***Fanaraha-maso sy tombana*** | | | | | | |
| Fametrahana rafitra maty paika entina hanombanana ny asa vita. | Tatitra momba ny asa vita in-dray mandeha isam-bolana | Tambazotra -Rafitra manokana | Efa misy ny fivoriana isam-bolana hanaovana tombana | Fivoarana amin'ny asa | Manomboka izao | |
| **Fiarovana** | | | | | | |
| Fiarovana ny vehivavy sy | Fampahafantarana sy | CU | Tsy fahalalan'ny vahoaka ny | Fampihenana ny tahan'ny | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| ny ankizy amin'ny herisetra | fanentanana ny mikasika ny Herisetra | CECJ | herisetra | herisetra | | |
| | Fanentanana ny tomponandraikitra isan-tsokajiny | CU CECJ | Manao fanahy iniana ny tompon'andraikitra sasany | Tomponandraikitra voaentana | 2012 | |
| | Famerana ny ora fisokafan'ny toeram-pisotroana | CU | Betsaka ireo toeram-pisotroana tsy manara-dalana | Mihidy amin'ny 9 ora alina avokoa ny toeram-pisotroana rehetra | 2012 | |
| | Mamolavola sy mitady tetika sy paika hampisy jiro sy hanazava ny toerana maizina | CU Fokontany | Betsaka ireo toerana tsy ampy jiro | Mitombo ny toerana mahazo jiro (éclairage public) | 2012 | |
| | Fanamafisana ny fandriam-pahalemana | CU Polisy Chef fokontany | Tsy mandry fahalemana ny tanana | Mandry fahalemana ny vahoaka | 2012 | |
| ***Hetsika** fanentanana mba hahatonga saina ny olona* | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny Herisetra ho vaindohandraharaha . | Amin'ny alalan'ny fiarahamiasa. ONG, fikambanana sy vondron'olona ifotony (VOI), ataovy mandavan-taona ny asa fanentanana fa tsy 16 andro arakany ao amin'ny fifanarahana fotsiny | CU, ONG,Fikambanana, VOI | Efa nankalaza ny hetsika 16 hiadiana amin'ny herisetra (2010, 2011) ny kaominina | Fananana paik'ady handrindrana ny 365 andro hiadiana amin'ny herisetra | 2012 | |
| ***Ireo fanao tsara mampahomby indrindra*** | | | | | | |
| Fampahalalana ho fanta-bahoaka ireo fanao tsara sy mampahomby amin'ny ady amin'ny Herisetra | Fanangonanana sy fampisehoana ireo fanao tsara sy mampahomby indrindra efa nampiharin'ny Filan-kevitra hatrizay tamin'ny famongorana ny Herisetra | CU, pop, CECJ, Fokontany, Ireo nahazo tombotsoa | Efa 5 nanao io hetsika io ny CECJ niaraka tamin'ny pop Ary misy foana io hetsika io raha vao misy hetsika eo anivon'ny kaominina | Fahafantaran'ireo vahoaka ireo fomba izay hita tsara fa nahomby. | 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Setriny** | | | | | | |
| Fanatanterahana asa tena mampahomby mba hiatrehana ny Herisetra ao an-tananànareo | Fanaovana izay fomba rehetra ahafahana mametraka fikambanam-pokontany na fikambanam-pokonolona mahay maisa sy mahomby | CU, Fokontany, VOI | Efa manana drafitr'asa mati-paika hiadiana amin'ny herisetra ny kaomina | Mihena ny herisetra | 2012 | |

E – Famintinana ny tomban'ny atrikasa

## FORMULAIRE D'EVALUATION

**Information Administratif**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Sexe** | ☐ Lahy 10 ☐ Vavy 8 | | | | | |
| **Firenena** | Madagascar | | | | | |
| **Kaominina** | Ambatondrazaka | | | | | |
| **Taona** | 12 - 17 ☐ | 18 -30☐ 2 | 31- 40 ☐ 5 | 41 - 50☐ 5 | 51 – 60 ☐ 3 | 60 + ☐ 3 |
| **Fianarana** | Ambaratonga voalohany ☐ | Ambaratonga faharoa ☐ 13 | Oniversite ☐ 2 | Fanofanana ara-kasa ☐ 3 | Fampianarana olon-dehibe ☐ | |

**Tombana :**

| | **Tena tsara** | **Tsara** | **Eo ho eo** | **Ratsy** | **Tena ratsy** |
|---|---|---|---|---|---|
| **1. Fijotrin'ny fandaharana** | **8** | **10** | | | |
| **2. Momba ny fandaharana** | **6** | **11** | **1** | | |
| **3. Tahirin-kevitra** | **3** | **13** | **2** | | |
| **4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana** | **9** | **9** | | | |
| **5. Asa isam-baomiera** | **1** | **14** | **3** | | |
| **6. Vokan-tsoa** | **2** | **15** | **1** | | |
| **7. Vokan-tsoa teo amin'ny fizotrin'ny fandaharana** | **2** | **14** | **2** | | |
| **8. Tombon-tsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana** | **6** | **11** | **1** | | |
| **9. Tombon-tsoa eo amin'ny fivelarana** | **5** | **11** | **2** | | |
| **10. Momba ny toerana, sakafo…** | **12** | **6** | | | |

**Fanamarihana**

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?
    - Ny fiovahovan'ny toetr'andro
    - Ny fandravonana ady sy ny disadisa, nahafapo ny fijarana traik'efa
    - Fandravonana ady sy disadisa satria nahazo fahalalana be avy amin'ny fandraisan'ny mpitsara iray anjara
    - Ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny ady amin'ny herisetra satria afaka hampitahiko amin'ny mpianatro
    - Ny asam-baomiera satria nahafahako nandray anjara
    - Ny miralenta sy ny fampandrosoana ny toe-karena ifotony

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao? Antony?

3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?
    - Amin'ny alalan'ny fampitana ny fahalalana amin'ny hafa
    - Fanentanana sy  fanampiana ireo olona niharan'ny herisetra amin'ny alalan'ny toro-hevitra
    - Fijarana ny fahalalana azo teto ary fampitana izany eny anivon'ny fiarahamonina
    - Hozaraiko amin'ny mpianatro

Fanamarihana hafa ?

- Tsara ny mbola hitohizan'ny fiofanana amin'ny manaraka
- Tena nahafinaritra ny fiofanana sy ny fiarahana teto

- Tokony hampitomboina ny isan'ny mpandray anjara amin'ny fiofanana
- Tokony mivoaka ny faritra ny toerana hanaovana ny fiofanana